Vo. Sa. Mi.

Volontariat Salésien Missionnaire

Salohy

Volana Février 2013

I. Teny mahavelona

Manomboka amin’ny fijery indray mandeha monja ny zava-drehetra

Evanjelin’i Md Lioka 5,27-32

Taorian'izany, dia nandeha izy ka nahita poblikàna anankiray atao hoe Levì nipetraka teo amim-pamorian-ketra, ary hoy izy taminy: Manaraha ahy. Dia nafoiny ny zavatra rehetra, ka nitsangana nanaraka azy izy. Nanao fanasana lehibe ho azy tao an-tranony Levì, ary nisy poblikàna sy olon-kafa betsaka koa niara-nihinana taminy teo. Nimonjomonjo ny Farisiana sy ny mpanora-dalàna ka nanao tamin'ny mpianany hoe: Nahoana no miara-mihinana sy misotro amin'ny poblikàna sy ny mpanota hianareo? Fa novalian'i Jeso hoe: Tsy ny finaritra no mila dokotera, fa ny marary. Tsy tonga hiantso ny marina aho, fa ny mpanota hibebaka. »

Fandinihana

✩ *« Nanao fanamarihana i Jesoa » Fantatsika tsara fa eo amin’ny olona samy olona dia ny fifandraisana no ahitana fa mivoatra ny olona amin’ny alalan’ny fijery ijerentsika ny an-daniny sy ny an-kilany. Nanao toy izany koa i Jesoa ao amin’ny Evanjely nosoratan’i Md Lioka. Nahita ary nanamarika an’ilay mpitondra tena sy ny fanatiny sy ireo nasaina tamin’ny sakafo isan-karazany… Mamantatra, mandinika ny tsirairay Izy . Mahita izay miafina sy lalina ao anatin’ity olona ity Izy; ny maha izy azy an’ilay olona sy ny mikasika ny ho aviny manontolo: izay ho vitany any aoriana any, izay toetra mbola tiany ananana. Manana fijery tsy mitsara izy fa mahita ny tena izy amin’ny fiainantsika am-pahamendrehana tokoa.*

✩ *“Araho aho” Izy (Jesoa) mihitsy no arahina fa tsy firehan-kevitra na foto-pisainana na koa kabary ambony latabatra fa Izy, ny tenany manontolo. Mba hahalala Azy ary dia mila fotoana iarahana Aminy ary manao izany fotoana izany ho filana anaty. Mba ho tanteraka anefa izany dia tsy maintsy mandao ny zavatra rehetra.*

✩ *“Mandao ny zavatra rehetra” : Na ny mandao zavatra iray, na ny manapaka fifandraisana dia samy maharary daholo. Mandao ny zavatra rehetra: inona moa no dikan’izany? Eo am-pandaozana ny zavatra rehetra dia I Jesoa no arahina. Tsy hoe manaraka fahatany fa manaraka azy amin’ny fifandraisana vaovao sy mivoatra ary mitondra fanovana. Noho izany ireo mpianatra dia nandà ny zavatra rehetra satria nandray betsaka tamin’ny Tompony.*

✩ *“Tonga aho hiantso” Noho izany dia tsy maintsy manaiky hiasan’I Jesoa isika ary mino Azy. Manana fifandraisana lalina miaraka Aminy mba hahafahana miresaka Aminy amin’ny maha antsika antsika: ny hadisoana, ny fahalemena mba tsy hanatsarana tena eo anatrehany. Izany toetra izany dia tena ilaina mandritry ny androm-piainantsika.*

Fotoana fandinihanao mangina...

✫ Mijery ahy I Jesoa. Inona no dikan'izany fijerin'I Jesoa ahy izany? Ahoana no hahatsapako fa mijery ahy I Jesoa?

✫ Mba hanara-dia an'I Jesoa , inona no tsy maintsy hilaozako, inona no tsy maintsy hovako eo amiko sy ny fomba fiainako?

II. ***Vatsy***

FANENTANANA APÔSTÔLIKA
VOKATRY NY SINÔDY
AFRICAE MUNUS
AVY AMIN'NY RAY MASINA **BENOÎT XVI**

D. ny fiatiavana iainana am-pahamarinana : loharanom-piadanana

28. Ny endriky ny fiaraha-monina miorina amin'ny fiatiavana, asehon'i Kristy amin'ny fihetsiny, dia mihoatra noho izay fara fahakeliny takin'ny ara-drariny eo imason'ny olombenona : dia ny hoe omena ny tsirairay ny anjara tandrify azy. Ny rafi-pisainana ijoraon'ny fitiavana dia mihoatra an'io rariny io, satria ny azy dia hatramin'izay an'ny tena aza no omena: «Aoka isika tsy ho tia va sy amin'ny teny fotsiny, fa amin'ny asa sy araka ny marina» (1 Jo 3,18). Maka tahaka ny Mpampianatra azy ny mpianatr' i Kristy, ka mbola miroso lavidavitra kokoa noho izany aza, tonga hatramin'ny hoe manolotra iny ho an'ny rahalahiny (jer. 1 Jo 3,16). Io no sandan'ny tena fiadanana marina ao amin'Andriamanitra (jer. Ef 8,14).

1. Asafanasoava-namana azo tsapain-tanana

29. Tsy misy fiaraha-monina, na dia ireo atao hoe efa mandroso aza, ka tsy mila asa fanasoava-namana, entanin'ny fitiavana. «Izay mitady hanilika fitiavana, dia miomana ny hanilika ny olona amin'ny maha olona azy ihany koa. Hisy mandrakariva ny fahoriana hiantso fanalana alahelo sy fanampiana. Hisy mandrakariva ny singan'olona manirery. Toraka izany koa, hisy mandrakariva ny toe-javatra mitera-pahasahiranana ara-pivelomana, ka ilàna ny fanampiana miseho amin'ny fitiava-namana azo tsapain-tanana». Ny fitiavana no mampionona ny fo maratra, ny fo manirery, ilaozan'ny olona. Ny fitiavana no miteraka ny fiadanana, na koa mamerina azy ao ampon'ny olona, ary manorina azy eo amin'ny fifandraisan'ny mpiara-belona.

2. Toy ny mpitily ny Fiangonana

30. Amin'ny toe-java-misy iainana eto Afrika, amin'izao fotoana izao, dia ankinina amin'ny Fiangonana ny manao izay handrenesan'ny olona ny feon'i Kristy. Ny iriny dia ny hanaraka ny torohevitra nomen'i Jesoa an'i Nikôdema nanontany Azy hoe: hataon'ny olona ahoana no hateraka indray? - «Tsy maintsy teraka avy any ambony ianareo» (Jo 3,7). Ny misiônera no nampahafantatra ny Afrikanina an'io fahaterahana vaovao «amin'ny rano sy ny fanahy» io (Jo 3,5), ary zon'ny olona rehetra ny mandre an' izany Vaovao Mahafaly izany, mba hahafahany manatanteraka an-tsakany sy an-davany ny antso miantefa aminy. Io lovam-panhy io no iainan'ny Fiangonana aty Afrika. Noho i Kristy, ary ho fifikirana amin'ny lesona nasehony teo amin'ny fiainany, dia mahatsiaro tena izy fa voatosika hirotsaka an-tsehatra, eo amin' izay ahitana olombelona ianjadiam-pahoriana, ary hampanako ny antso manginan'ireo tsy manan-tsiny enjehina, na ny an'ireo vahoaka ataon'ny mpitondra eo aminy antoka ny ankehitriny sy ny hoaviny, noho

ny fikatsahan'ireo mpitondra ireo tombontsoa manokana ho an'ny tenany'. Noho ny fahafahany mahita ny endrik'i Kristy eo amin'ny ankizy, eo amin'ny marary, eo amin'izay mijaly na mahantra, no andraisan'ny Fiangonana anjara amin'ny fanorenana, tsimoramora saingy azo antoka, Afrika vaovao. Amin'ny maha mpaminany azy, isaka ny mitodika any aminy ny vahoaka miantso hoe: «Ry mpitily ô, mby aiza ho aiza izao ny alina?» (Iz 21,11), dia miezaka ny ho vonona ny Fiangonana, tsy handiso ny fanantenana entiny ao aminy (jet 1P 3,15), satria misy maraina vaovao miposaka eny am-paravodilanitra (jer. Ap 22,5). Ny hany ahafahana miandany amin'ny Vaovao Mahafalin'ny fahamarinana dia ny fandavana ny fanitsakitsahana ny hasina maha olona, sy ny tsy fanekena ny fanaovana volongita mifandray tendro,— io moa dia hateraky ny tahotra hisedra fitsapana na hiroso ho maritiora. «Hozoimpahoriana ianareo, eto amin'izao tontolo izao, hoy i Kristy, saingy matokia, fa efa nandresy an'izao tontolo izao Aho!» (jer. Jo 16,33). Avy amin'i Kristy ny tena fiadanana marina (jer. Jo 14,27), ka tsy azo ampitahaina amin'ny fiadanan'izao tontolo izao izy. Tsy mba vokatry ny adihevitra izy na ateraky ny fifanarahana ara-diplômasia izay miorina amin'ny fiarovana tombontsoa. Fa ilay fiadanana omena ny taranak'olombelona mihavana amin'ny tenany, ao amin'Andriamanitra, ary ny Fiangonana no sakramenta amin'izany.

Fandinihana miaraka amin’ny Fiangonana…

1. Araka ny tahirin-kevitra ny Fiangonana voalaza ao-amin’ny « Africae Munus », nahoana ny asa an-tsitrapo araka ny maha-kristianina dia tafiditra ao anatin’ny asa fanompoana ny hafa sy ny adidy eo amin’ny fiaraha-monina ?
2. Inona no mety ho vokatra aterak’izany ?
3. Inona ary no asa anirahana ny Fiangonana eo anivon’ny fiaraha-monina amin’nizao vanim-potoana iainantsika izao?

III. Ao amin'ny sekolin'i Don Bosco

Tamin'ny salohy N°1 (volana janoary 2013) dia nomena antsika ny fandinihana mikasika ny nandraisan'i don Bosco an'i Barthelemy Garelli.Nasongadina tamin'izay fa zava-dehibe ny fandraisana eo amin'ny tontolon'ny fanabeazana. Amin'izao dia maniraka anareo ny tenanay hamaky tsara ny tantara izay mirakitra ny nadraisan'i don Bosco an'i Domenico Savio ; Magone ; Besucco izay hitantsika ao amin'ny taridalana Pastoraly 2013 (Jereo taratasy Fanampiny)

Noho izany; amin'ity Salohy n° 2 ity kosa ary dia hiditra amin'ny famelabelarana isika. Hatoro antsika miandalana ny fampiarana ny Système preventif mba hianarantsika ary mba hiezahantsika ny mampiatra azy amin'ny fiainantsika .

Ity sary ity indray no entintsika hanazavana ny fomba fanabeazan'i don Bosco.

Fandinihana:

Tsy tokony ho gaga isika mpanabe raha mahita tanora kivy amin'ny fiainana; misalasala amin'ny ho aviny; mananana traikefa ratsy tamin'ny fiainanany ; tsy mianatra; tsy miasa; tsy mahatoky intsony an'Andriamanitra; tsy mandray andraikitra ao amin'ny Fiangonana; variana amin'ny fahafinaretan'ny nofo; tia vola sns...

Jereo ary ny nataon'i don Bosco rehefa izy naka ny fon'i Michel Magone …

Don Bosco niteny hoe: " Any aminareo mandrakariva ny eritreriko ry tanora" – "Nataoko ho anareo ny fiainako"- "Tsy tokony ho tiana fotsiny ny tanora fa ataovy tsapan'izy ireo fa tiana izy"-"Tokony ho tiantsika mpanabe ny zavatra tian'ny tanora mba hahafahan'ny tanora mitia izay zavatra tiantsikan ihany koa."

Tsy tokony hadino koa fa, Andriamanitra tia ny olombelona rehetra tsy ankanavaka. Izy efa nanao ny fanekeny tamintsika fa hitia sy hikarakara antsika ary tsy mivadika

amin'ny fanekeny Andriamanitra. Noho izany, manohy io fitiavan'Andriamanitra io izay maniry ho mpanabe ary tokony sahy milaza hoe: " Tiko ianao tahaka ny hitiavan'Andriamanitra anao."

Fifampizarana:

1- Diniho io sary io, inona no mampisalasala io zaza na tanora io ka mahatonga azy tsy manantona? (Ampifandraiso amin'ny zava-misy ankehitriny: inona avy ny mampisalasala ny tanora amin'ny mpanabe ka mahatonga azy sarotra entanina?)
2- Inona avy ary ny toetra tokony hanan'ny mpanabe manoloana ny beazina araka ny fanabeazana Salezianina ?